


Eny ary fa nahomby ny *«tolona»*, araka ny fanirian-dry zareo nifandimby tao amin'ilay fandaharana *«Miara-manonja»* nalain-tahaka tamin'ilay natsanganay mpanao gazety nivondrona tao amin'ny MLE ( *«Mouvement pour la Liberté d'Expression»* na Vondrona ho an'ny Fahafahana maneho Hevitra), ny taona 2016. Tsy adinon-dry zalahy tokoa izany ny lesona *« copie-collé »* nampianarin'i Rajao tamin'ny 25 Janoary 2014 teo Mahamasina...







**Tsy nisy hoe mpanao gazetin'iza na iza izahay tao amin'ny MLE satria tolona iombonana no natao nanomboka ny taona 2016. Jereo tsara ny sary dia avelao hahalala izay mahalala. Taratasy ho an'ny HCC [ETO]**


Raha tsiahivina, natsangana io fandaharana *«Miara-manonja»* io niadivanay mpanao gazety mafy tamin'ny fandrefatana ilay lalànan'ny fifandraisana vaovao ( *« Loi n°2016-029 portant Code de la communication médiatisée»* ) nasian'Ingahy minisitry ny serasera, Vonison Andrianjato Razafindambo, fanovana teny ampandehanana, ka nosoniaviny antsokosoko ary lany tao amin'ny Antenimierampirenena, satria natevina ny malety mahagaga tamin'ny fotoan'androny. Soa f'efa voahitsin'ny HCC tamin'ny 31 Aogositra 2020 izy io ka Ingahy Vonison izao no mioty izany vokatry ny tolona nataonay izany, ao amin'ilay fandaharana *«Miara-manonja»* fôpla, amina lainga marivo salosana sy fankahalana rano fotsiny. Tsy misy tranon-kenatra intsony e !



**Ireo telo ireo izao no lohandohan'ny miara-manondra sy hiara-hanongana**

Ary toa ny tamin’ireo taona 1972, 1991, 2002 ary 2009 dia hisy sy handalo indray izany fotoana tetezamita izany ny firenena malagasy satria tsy eken’ny fianakaviambe iraisam-pirenena izany maka fahefana tsy amin’ny alalan’ny fifidianana izany. Na izany aza dia raikitra fa i Hanitra Razafimanantsoa sy Fidèle Razara Pierre, samy solombavambahoaka Tim, no ho lasa Filoha sy Praiminisitra an’izany tetezamita vaovao izany, satria ireo no tena nahay nanaratsy sy nandainga faran’izay zokiny indrindra tao amin’ilay fandaharana nalain-tahaka. Izy ireo no tena angady nanana sy vy nahitana nampihemotra ny firenena malagasy iray manontolo any amin’ny taona 1960 any, eo amin’ny lafiny rehetra. Arahabaina e ! Satria hidina daholo ny vidin-javatra rehetra eny an-tsena manomboka eto ! Tsy hisy intsony ny Covid-19 ary foana ny Kere…

Eo vao tena hanomboka ny raharaha hiala amin’ny tsy misy (*«départ à zéro»*) fa ny vokany manokana ho azy ireo aloha dia ny nenina hiainany mandrapahafatiny nanozona ny taranany sy ny taranaka malagasy manontolo mihitsy. Satria mino ve isika fa dia anaiky izany ry Tabera sy ry Edouard Tsarahame, izay mba nahay nanaratsy an’i Andry Rajoelina ihany koa ? Ary f’angaha ireo ihany ? Maro ireo efa ela no nitady toerana, «fiaraha-mitantana».




**Mahavariana fa toa mitaratra eo amin'ny tarehiny ny aratsian-toerany sy ny aratsian-tsainy. Misy mantsy no milaza fa rehefa be mony dia be demony, ka asa...**

Tsy anaiky izany koa, ohatra, i Fanirisoa Ernaivo (Filohan'ny sendikan'ny Mpitsara teo aloha) raha tsy lasa minisitry ny fitsarana. Amin'izay malalaka ho azy ny fanagadrana an'ireo izay tsy matiny lolo ka izaho mihitsy no ho voalohany. Aiza kosa, hoy ianareo ? Momba ity Fanirisoa Ernaivo nesorina tamin'ny asany maha mpitsara (*«magistrat»*) azy ity dia izao ny fanambarana nataony imasombahoaka tao Mahamasina, ny 30 oktobra 2018 :

*«*
*Satria tsy misy dahalo intsony any ambadika any ? Satria tsy misy mpandroba intsony any ambadika any ? Maninona any amin'ny famoriam-bahoakan'ny laharana faha-13 no tsy misy an'izao*
*?*
(Ttf : tsy laitra nampanginana izy fa vao mainka nampiany naza
)
*«*
*Izaho tsy te-hahalala an'izany fa sambory aho raha mahasahy. Tsy azo hasiana vehivavy eny Tsiafahy (…) ».*

Niala tsiny izy avy eo. Na izany aza, satria raharaha notadiaviny moa, tsy nisy nisambotra, tsy nisy nanagadra azy fa nesorina ara-pomba ofisialy ara-dalàna tsy ho mpitsara intsony io Fanirisoa Ernaivo io eto Madagasikara. Ary matoa mialokaloka any Frantsa izy izao (any izy, ao anatina fiara no mampita ny laingany sy ny fankahalany ny fitondrana), dia tsapany ny fahadisoana. Nefa… Ho azy ity *: «La personne qui refuse de reconnaître ses erreurs ne s'améliore*
*jamais*
*.*
*Elle s'imagine se protéger ainsi du rejet ; cependant, inconsciemment, par son attitude rigide, elle s'est elle-même rejeté*
*e»*
*.*

Raha ingahy Fleury Rakotomalala indray moa dia vazaha taratasy iny ary efa nomen'i Hanitra Razafimanantsoa hafatra…Tsy ho isan'ny hanam-pahefana intsony mandra-maty raha eto amin'ity tanindrazany natakalony fiainan'ireo Frantsay mandray RMI ( *«Revenu Minimum d'Insertion»* ). Tsy ilaina asiana ny sariny akory eto. Fa ho ady hafa ihany koa no hiseho eo amin-dry zareo « naharesy » satria hanaiky izany koa ve i Marc Ravalomanana sy Hery Rajaonarimampianina, tena tompon-kevitra sy tompom-bola ? Dia eto izany no mipetraka ny fanontaniana : iza no nanao fitaovana an'iza ?

Andao koa ary lazaina fa tsy nisy n'inona n'inona nataon'i Andry Rajoelina tao anatin'izay roa taona izay. Ka dia praograman'iza no harahina ary ? Ny MAP navaozina ve sa ny FISANDRATANA ? Izany hoe mbola hisy fotoana tsy voafaritra hizarana seza, izay vao hieritreritra ireo ampahan'ny vahoaka malagasy nofitahana ? Ataon-tsika koa fa tsy nahomby io «tolona» io raha tsy nisy miaramila. Dia ry kolonely Charles sy ry Coutiti izany no niverina indray tao ambadika tao nanampy an-dry be sandry isany nozaraina vola ? Fa hanaiky azy ireo ve ny miaramila rehetra eo am-perin'asa ? Ny tafika an'abakabaka, an-tanety, an-dranomasina, ny polisy sy ny zandary.

Manomboka eo izany, ho an'iza no ho raharaha ? Mora anie ilay manompa e ! Tsy sarotra no mandainga sy mamorona mihitsy aza e ! Mahafinaritra ny mihaino hoe Filoha hajaina Hanitra Razafimanantsoa sy Praiminisitra mahavita azy Fidèle Razara Pierre. Fa Ingahy Vonison Andrianjato Razafindambo ve hanaiky hiverina ho minisitra… fotsiny ? Mba niasa nandainga mafy anie izy e… Dia atao ahoana ihany koa ireo kravaty manga Hvm very seza rehetra mba niara-nisalahy teo amin'ny fandaingana sy fanaratsiana ? Ary ireo ao amin'ilay RMDM (Rodobe n'ny Mpanohitra ho an'ny demokrasia eto Madagasikara), tsy hanaiky ho gisitra ?
Tena hifanjevo sy hifampisompatra izy mianakavy. Izany dia voasoratra ao amin'ny Baiboly, ao amin'ny Isaïà 3:5
*«*
*Dia hifanjevo izy samy mpiray firenena; hifampisompatra ny olona ka hifamely, ny tanora hirehareha amin'ny antitra, ary ny olon-tsotra hanohitra ny olo-manan-kaja »*.



**Nifoha tampoka teo aho, tsemboka tanteraka ! Ay nanofy aho** ! Ary rehefa alalinina ireo voasoratra eo ambony ireo dia toa revin-gadra ihany ny tanjon'ireto miara-manondrana sy mitady hiara-manongana ireto.

Ho anareo finaritra mihaino an-dry zareo dia izao ny fanontaniana ataovy an-tsainareo : inona

aloha ny zava-bitan'ireo ho an'ny firenena, ho anareo, hatramin'izay nahafantaranareo azy ireo ? Na amin'ny anarany fotsiny aza ? Iraka ihany ireo, saribakoly sy *«marionnettes»* ihany ka ny fankahalana an'i Andry Rajoelina no mibaiko fa tsy dia ny nofinofin-dry Dada na Rajao loatra. Asa, amin'izao aretina Covid-19 mbola mitoetra izao, mety ho sahin'izy roalahy ireo (Dada sy Rajao e !) no nampanantena fa ho avy ny Amerikana « hamonjy » an'i Madagasikara. Tsy efa izay moa no efa novetivetesin'i Dada tamin'ny taona 2002 sy 2009 ? Toa ny fiara 4L sy frigos izany ary ny lalàna Ambohitrimanjaka-Ambohidratrimo : fampanantenana poakaty.

Marina fa ny tarigetran'ny mpanohatra maneran-tany -ny mpanao politika ankapobeny-, dia ny haka ary hahazo fahefana. Fa izany dia mipetraka amina praograma fanasoavana sy fampandrosoana ny vahoaka ankapobeny ao amin'ny firenena misy azy. Sa atao raharahan-gasy (hoy i Rolly Mercia izay) ka rehefa tonga eo vao ho dinihina ? Mihevitra ny vahoaka malagasy -indrindra fa ny tanora ankehitriny- ho donto mihitsy anie ry malama vava isany izany, ao amin'ilay fandaharana nalain-tahaka e ! Tadidio fotsiny, talohan'io fandaharana fôsika io, ny zava-bitan'ny iray tamin'izy ireo -tsy mba fombako ny mamorona na mandainga-. Tsy iza izany fa ingahy Serge Nirina Zafimahova. Manampahaizana anie izy iny e ! Lasa paradisa anie ny Nosy iombonana raha hampiarina ny heviny novoaboasiny hatramin'izay e ! Kanefa inona ? Ay izy ity bandy tsy nandoa hofan-trano ela be aman-taonany tao Amboditsiry fa nanararaotra fotsiny, nihevi-tena ho lasa tompony kanefa mpindrana ihany. Iza no ho sahy hilaza na hiteny fa mbola to-teny io Serge Zafimahova io ? Aiza izao io mpitarika vilam-bava io ? Dia ilay anarana no afa-baraka izao. Adino tokoa ny hafatry ny Ntaolo rehefa mahazo micro : *« Avadiho impito ny lela vao miteny ».*


Minisitry ny Fiarovam - pirenena, Generaly Leon Richard Rakotonirina

« Tsy misy fandeferana ny kolikoly, haverina ny hasin' ny tany tan - dalàna »

**Fototry ny fampandrosoana ny fandriampahalemana ary isan ' ny laharam - pahamehana ao anatin ' ny velirano IEM. Nampiseho fahavononana hanatanteraka izany ny minisitry ny Fiarovam - pirenena vaovao.**

Tontosa omaly tamin' ny 10 ora maraina ny famindram - pahefana tao amin' ny ministeran' ny Fiarovam - pirenena, teo amin' ny minisitra teo aloha, ny Jeneraly Bèni Xavier sy ny ministra vaovao, ny Jeneraly Leon Richard Rakotonirina. Nambaran' ity farany tamin' ny fandraisam - pitenenana amin' izao fandraisany ny andraikitra izao fa « *tsy misy fandeferana ny kolikoly ary atao ezaka mandrkana ny hamerenana indray ny hasin' ny tany tan - dalàna* ». Hentitra tanteraka ny ministra vaovao nilaza an' izay ary nanaovany antso avo ho an' ireo mpiara - miasa aminy mba handray andraikitra mandroana izany. Notsindriany tamin' ny lahateny fa « *maika ny Filoha hanatanteraka ny asa fampandrosoana. Tsy misy fampandrosoana azo atao anefa raha tsy misy ny fandriam - pahalemana. Atao laharam - pahamehana noho izany ny hamerenana ny fandriampahalemana* ». Nambarany tsotra fa « *asa maika* » miandry ny folo alindahy ny « *famerenana ny fandriampahalemana* ». « *Fantatrareo tsara fa mikaikaika ny vahoaka ankehitriny ary tsy mandry andro tsy mandry alina na any an - tsaha na any an - tanàna fa laharam - pahamehana ho an' ny Filohan' ny Repoblika ny hamerina ny fahalemana. Ao anatin' ny vina izany satria ahoana moa ny hampandrosoana ny tanindrazana raha tsy misy ny filaminana ?* », hoy hatrany izy.

Faritana amin' ny maridrefy maro

Misy ny fanamby notakina tamin' ireo minisitra vaovao. Takina amin' izy ireo ny hahazoana vokatra ao anatin' ny enim - bolana sy ao anatin' ny herintaona. Ho an' ny minisitry ny Folo alindahy, nambarany fa « *tsy toy ny asa fampandrosoana hafa ny tsy fandriampahalemana. Misy mari - drefy maro ny mahakasika ny Fandriampahalemana ary tsy ny Folo alindahy irery no miandraikitra izany fa ao ny Polisim - pirenena, ny Zandarimariam - pirenena ary ny Fitsarana eo koa anefa ny vahoaka, saingy atao ny ezaka rehetra mba hahazoana vokatra* », hoy izy. Notsiahivin' ny ministra hatrany fa ao anatin' ny fanitsiana ny rafitry ny Filaminana i Madagasikara amin' izao fotoana izao, izay iarahana amin' ny Firenena mikambana sy ny Vondrona afrikana. Ny fomba fiasa sy ny fomba fahaiza - manaon' ireo Folo alindahy aloha no imasoana ho hatsaraina mba hahafahany manatanteraka ny andraikitra napetraka taminy. Momba ireo fitaovam - piadiana vaovao entina miady amin' ny asan - dahalo dia nambarany fa « *tsy natao ampitahorana ny vahoaka Malagasy ireny fa hahafahan' ny folo alindahy mamita ny iraka ampanaovina azy* ». Ny ministra teo aloha, dia nilaza tsotra fa manaja ny soatoavina demokratika ny Folo alindahy. Tamin' ny fifaliana no niarahabany sy nanomezany tsodrano ny ministra vaovao.

**Harilaza R.**

Milaza isika fa tany tan-dalàna (*« Etat de droit»* ) i Madagasikara. Ny dikan'io dia izao, fa tsy araka ny nambaran'i Hery Rajaonarimampianina hoe
*«*
*tout un schéma, une structure à mettre en place*
*»*
:
*«*
*L'état de droit est un concept juridique, philosophique et politique. ... C'est une approche dans laquelle la puissance publique est soumise au droit, fondé sur le principe du respect de ses normes juridiques, chacun étant soumis au même droit, que ce soit l'individu ou bien la puissance publique »*
(Wikipédia). Lalina be io fa raha adikako tsotsotra dia izao : rehefa misy tranga miseho nataon'ny olon-tsotra iray
**n'iza n'iza izy**
ka nandika ny lalàna misy
**dia ampiarina amin'ny sazy mifandray amin'izany tsy fanarahan-dalàna izany**
. Raha misy koa ny hoe :
*«nul n'est censé ignorer la loi»*
(tsy tokony misy olona na iray aza tsy hahalala ny lalàna velona misy) dia tsy adino koa ny hoe :

*«nul n'est au-dessus de la loi»*
(Tsy misy olona na iray aza eo ambon'ny lalàna manan-kery).

Naheno isika, nahare isika, namaky isika fa manao tsinontsinona ny Filoham-pirenena ry zareo ao amin'io *«Miara-manonja»* nalain-tahaka io sady mpandainga tsy misy toa izany. Nivoaka nibaribary an-gazety maro miaraka amina sary fa mpandainga ry Hanitra sy Fidèle Razara Pierre (ireo aloha no malaza) sy ny hafa. Efa nanazava mikasika ny solombavambahoaka miredire dy ny Filohan'ny Antenimierampirenena, Christine Razanamahasoa. Mahay mamadika resaka sy lalàna tsy misy toa izany ry Hanitra (tsy mila asiana *«ma ître»*
intsony toa i Fanirisoa) sy Fidèle Razara Pierre mpikarama an'ady tsotra izao (mbola havoakako ny nanaovany an'i Marc Ravalomanana tamin'ny taona 2009 tao amin'ny radio Viva…).

| Infractions CODE PENAL | Articles | Peines privatives de libertés (en années) | | Amendes | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | Min. | Max. | Min. | Max. |
| **Crimes tendant à troubler l'Etat par la guerre civile, l'emploi illégal de la force armée, la dévastation et le pillage publics** | | | | | |
| Incitation à la guerre civile | 91 | TF à perpétuité (anciennement peine de mort) | | | |
| Complot pour incitation à la guerre civile | 91 | Déportation | | | |
| Trouble à l'ordre public | 91 | 1 | 5 | | |
| | | Interdiction de séjour | | | |
| Emploi illégal de la force armée | 92 | TF à perpétuité (anciennement peine de mort) | | | |
| Trouble par une autorité publique à la constitution d'une armée en temps de guerre | 94 | Déportation | | | |
| Destruction des propriétés de l'Etat | 95 | TF à perpétuité (anciennement peine de mort) | | | |
| Commandement illégale d'une armée | 96 | TF à perpétuité (anciennement peine de mort) | | | |

Raha izany ary no misy dia ao ireo sazy mifanaraka amin'izay tsy fanarahan-dalàna ataony izany. Tsy mpanao gazety ireo malama vava ireo ka ny *«code pénal»* sy ny *«Loi sur la cybercriminalité»*
no ampiarina aminy fa tsy ilay
*«code de la communication»*
.
**Jereo kely ny tabilao roa**
. Ny iray mikasika ny ompa sy fanaovana tsinonatsinona ny andrim-panjakana
*(«Injures et diffamation envers les institutions publiques»*
). Marihina fa ny Filohampirenena dia andrim-panjakana (
*«Institution»*
) iray, toa ny saina sy ny hiram-pirenena, fa tsy olom-pirenena fotsiny ihany. Ny faharoa indray mikasika ny fandrangitana adim-poko sy ny fanelingelenana ny fiaraha-monina (
*«Incitation à la guerre civile»*
,
*«Complot pour incitation à la guerre civile»*
-
*«Trouble à l'ordre public»*
.

| Infractions | Articles | Peines privatives de libertés (en années) | | Amendes | |
|---|---|---|---|---|---|
| | | Min. | Max. | Min. | Max. |
| **Loi sur la cybercriminalité à Madagascar** | | | | | |
| Accès frauduleux à un système d'information | 6 | | | 100 000 | 10 000 000 |
| Accès frauduleux à un système d'information ayant causé une détérioration | 6 | 6 (mois) | 5 | 100 000 | 10 000 000 |
| Dégradation de données informatiques | 7 | 2 | 10 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Usage actif de faux informatiques | 8 | 2 | 5 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Dégradation et usage passif de faux informatiques à fin légales | 9 | 2 | 10 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Dégradation du fonctionnement d'un système informatique | 12 | 2 | 10 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Interception illégales de données informatiques | 13 | 1 | 5 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Création et diffusion d'outils et codes informatiques permettant la réalisation de cybercrimes | 14 | Complicité | | | |
| Dégradation de données informatiques ou de systèmes d'informations en vue de l'obtention d'un bénéfice économique | 15 | 2 | 10 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Menaces d'homicide écrits avec ordres ou conditions | 16 | 2 | 5 | 100 000 | 1 350 000 |
| Menaces d'homicide verbaux avec ordres ou conditions | 17 | 6 (mois) | 2 | 100 000 | 540 000 |
| Troubles par usurpation d'identité numérique | 19 | 6 (mois) | 10 | 600 000 | 18 000 000 |
| Injure et diffamation envers les institutions publiques | 20 | 2 | 5 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Injure envers les particuliers par support numérique | 20 | 6 (mois) | 5 | 100 000 | 10 000 000 |
| Injure en raison de discrimination | 20 | 2 | 10 | 2 000 000 | 100 000 000 |
| Apologie des crimes contre l'humanité | 21 | 6 (mois) | 5 | 100 000 | 10 000 000 |
| Pédopornographie | 22 | 2 | 5 | 2 000 000 | 10 000 000 |
| Pédopornographie de mineur de 15 ans | 22 | 3 | 10 | 4 000 000 | 20 000 000 |
| Incitation par support numérique à la prostitution enfantine aux abords d'établissements d'enseignement | 23 | TF à temps | | | |
| Incitation par support numérique à la prostitution enfantine en bande organisée | 23 | TF à perpétuité | | | |
| Propositions sexuelles à mineur par support numérique | 24 | 2 | 5 | 2 000 000 | 10 000 000 |
| Propositions sexuelles à mineur par support numérique suivi de rencontre | 24 | 5 | 10 | 2 000 000 | 10 000 000 |
| Manquement à la protection de mineur lors de la diffusion d'un message à caractère violent, pornographique, raciste ou atteignant gravement à la dignité humaine | 25 | 2 | 5 | 10 000 000 | 20 000 000 |

Ireo fotsiny no alalinina dia mendrika hakarina tribonaly ireo avo vava ao amin'io fandaharana nalain-tahaka io. Ao Anosy ry zareo no tokony miaro tena fa tsy hoe solombavambahoaka dia ambonin'ny lalàna, sady tena tranga am-bodiomby mihitsy anie ilay fandaharana e ! (*«Flagrant délit»* ).
Mino isika fa manana horonam-peo ny mpitandro filaminana sy ny manampahefana eto amin'ny firenena. Ary mino ihany koa isika fa tsy hifanilika andraikitra intsony ny tena tomponandraikitra malagasy rehefa misy ho traingo…

Raha ny resaka lainga indray dia variana ihany koa aho amin'ny stratejia napetraky ny mpitondra. Fa iza sy/na inona moa ny arovana marina ? Ny tena izy dia tokony ireo minisitra voakiana sy ny mpiara-miasa aminy ao amin'ny ministerany no mitondra fanazavana sy porofo tsy azo ivalozana. Ohatra : *« Tsy vita ny toerana atao hoe Manainga Zipo any Alaotra»*, hoy i Fidèle tranon-dainga. Tsy andrasana ny Filoham-pirenena anie no mitondra sary sy vavolombelona manaporofo fa lasa tetezana Fihariana ilay Manainga Zipo, ary ao amin'ny Tvm sy Rnm mahatakatra sy maharakotra an'i Madagasikara no anaovana izany fa tsy any amina televiziona tsy miankina tsy maro mpijery noho ireo onjam-peo nasionaly e !

Olana ve raha tsy mpanao politika ny ankamaroan'ireo minisitra ireo fa teknisianina ? Tsia ! Amiko, tsy ny Filoha (izay voafidy ara-dalàna) no mila arovana fa ny praogramany, satria tsy izy vatan-tenany anie no manatanteraka izany e ! Ny stratejia ana sera sera (*«Stratégie de communication»* ) mahomby indrindra dia izao : vao mirediredy ry tranon-dainga isany milaza fa mpanao politika, dia teknisianina no mamaly ilay noresahiny ka ao amin'ny Tvm sy Rnm no manao izany (satria, averiko indray : maharakotra an'i Madagasikara iray manontolo), ary tsy hiandrasana baiko avy any amin'ny Filoha. Raha tsy manao izany dia mazava fa tsy mahavita azy ary esorina tsy misy hindra-fo. Izay ny sazy voalohany.

Tsy hitako mihitsy ny anton'ny fitangoronana mivaro-tava ao amina televiziona tsy miankina andokadoka ny zavatra efa fantatra. Sa niverina sy nivarina tamin'ny andron'ny *« Oye oye »* sy ny filoha hajaina ? Tsy handroso mihitsy isika raha izany aloha no mitoetra… Raha tena manaja marina ny filoham-pirenena ianareo ao amin'ny antoko natsangany, dia ny mpantanteraka no tereo hanome fanazavana matotra ho an'ny vahoaka nanome ny fitokisany aminy, ka mifanaraka amin'ny zava-misy ny mikasika ny fizotran'ny praogramany. Ary io praograma io anie efa voafaritra ao amin'ny PGE ( *«Politique générale de l'Etat»* na ny Politika ankapobe arahin'ny Fanjakana ) sy ny PEM ( *«Plan Emergence Madagascar »* ) 2019-2023 izay voafaritry ny Lalampanorenena, atao koa hoe Lalàna fototra, ny fisiany. Ireo no mila fanazavana matetika fa tsy ny fandokafana ny Filoha no fiarovana azy mahomby rehefa injay misy lainga sy ompa mipoitra. Fomban'ny matahotra ho very seza tsy nitolona izany : sady tsy mahomby no voaraoka ihany dia mivadika ho mpanohitra indray.



| Andaniny 11. Manan-jo hahalala vaovao ny tsirairay. | Article 11. Any individual has the right to information. | Article 11. Tout individu a droit à l'information. |
| --- | --- | --- |
| Tsy misy faneriterena mialoha azo ampiharina amin'ny fampahalalam-baovao amin'ny endriny rehetra ankoatr'ireo izay mamoafady na mety hanohintohina ny filaminam-bahoaka. | Information under all its forms is not submitted to any prior constraint, except that which infringes the public order and the morality. | L'information sous toutes ses formes n'est soumise à aucune contrainte préalable, sauf celle portant atteinte à l'ordre public et aux bonnes moeurs. |
| Zo ny fahalalahana amin'ny fampahalalam-baovao, na toy inona toy inona no hanohanana izany. Ny fampiasana io zo io dia adidy sy andraikitra saingy voafehin'ny fombafomba, fepetra, na sazy voalazan'ny lalàna, izay fepetra ilaina ao anatin'ny fiaraha-monina demokratika. | The freedom of information, whatever the medium, is a right. The exercise of this right includes duties and responsibilities, and is submitted to certain formalities, conditions, or sanctions specified by the law, which are the measures necessary in a democratic society. | La liberté d'information, quel qu'en soit le support, est un droit. L' exercice de ce droit comporte des devoirs et des responsabilités, et est soumis à certaines formalités, conditions, ou sanctions prévues par la loi, qui constituent des mesures nécessaires dans une société démocratique. |

LALAMPANORENAN'NY REPOBLIKA FAHA-IV MADAGASIKARA

www.madagate.org









Paris (France), 10 Desambra 2019. Nihaona ny filoha teo aloha, Hery Rajaonarimampianina sy Marc Ravalomanana. Tadidio fa ny voalohany dia nanagadra ny faharoa tany Antsiranana ny taona 2014. Izany no fanaovana politika eto Madagasikara. Tombontsoa ihany, tombontsoa



Raharaham - pirenena

**Mafampana ny toe - draharaha anatiny sy ivelany**

Mafampana ny toe - daharaham - pirenena eto amintsika na ivelan' ny Fitondrana na anatin' ny Fitondrana. Ho an' ny ivelan' ny Fitondrana, efa iarahan' ny valalabemandry mahita izany amin' ny fitsikerana ataon' ny mpanohitra. Milamindamin - dratsy koa anefa ny toe - draharaha politika ao anatiny. Fantatra araka ny tsilian - tsofina mivoaka fa misy amin' ireo tomponandraikitra ao anatin' ny Fitondrana no manao volongita mifandray tendro amin' ny mpanohitra. Efa ela izahay teto amin' ny Gazety Inona no vaovao no nampaneno lakolosy fa misy ireo olona ao anatin' ny Fitondrana mifampiresaka sy mifandray amin' ireo mpanohitra. Izany hoe ao anatin' izao savorovoro politika izao dia mampiseho ny fahaizany misabaka ireo tomponandraikitra ambony sasantsasany. Efa fomba fiady mahazatra an' ireo mpanao politika malagasy ny fisabakana vantany vao mafampana ny toe - draharaha. Mandeha sahady mantsy ny kajy politika ho an' ireo misabaka. Ireny ilay tsy manana fotokevitra fa olona nobaikon' ny fahaiza - misisika amin' ny fakana seza. Vokatry ny fahaiza - misisika nataon' izy ireo, voailika ireo tena nitolona sy nitondra ny lokon' ny volomboasary. Tsy mahagaga izany raha misy *« vaovao maro »* tonga eny am - pelatanan' ireo mpanohitra satria ao an - trano ihany ny tena fahavalo. Ireo mpisabaka anefa izao no voalaza fa mahazo laka fa tsy ireo tena masaka ara - potokevitra. Vokany, misy lonilony miangona ihany ao anatin' ireo tena Volomboasary. Ireto farany izay mahatsapa fa lasa zanak' Ikalahafa ka voailika amin' ny lafiny maro. Mila alamina avokoa ireo rehetra ireo satria ity olana anatiny ity no tena ho loza mitatao fa tsy ireo fanoherana avy any ivelany loatra.

**Harilaza R.**